# “Izay miala amin’ny fankatoavana ary misaraka amin’ny vondron'ny maro ka maty, dia maty toy ny fahafatesan’ny olona tamin'ny fotoan'ny fahabadoana

Tatitra avy tamin'i Abo Horaira (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Izay miala amin’ny fankatoavana ary misaraka amin’ny vondron'ny maro ka maty, dia maty toy ny fahafatesan’ny olona tamin'ny fotoan'ny fahabadoana, ary izay miady eo ambany fanevan'ny hajambana, tezitra noho ny fokony, na miantso ady noho ny fokony, na manohana an'ady ny fokony ka maty, dia maty toy ny fahafatesana tamin'ny fotoan'ny habadoana (anaty fahaverezana), ary izay mikomy ny vahoakako, ka mamono ny olo-mendrika sy ny olon-dratsy ao aminy, ary tsy miraharaha ny mpino ao aminy, ary tsy mahatanteraka ny fanekena nifanaovany tamin'izay nanaovany izany (ireo olona tsy mpino eo ambany fiahian'ny mpino), ka dia tsy momba Ahy izy, ary Izaho tsy momba azy”.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa izay niala amin'ny fankatòavana ny mpitondra sy nisaraka tamin'ny vondrona Islamika izay nifanaraka tamin'ny fanaovana velirano amin'ny mpitondra iray, ka maty tao anatin'izany fisarahana sy tsy fankatoavana izany, dia maty toy ny fahafatesan'ny olona tao anatin'ny fahabadoana izy, izay tsy nankatò mpitondra ary tsy nitambatra amin'ny vondrona iray, fa dia sekta sy ny andian-jiolahy nifamono. . Ary nolazain'ny (S.A.W) fa na iza na iza miady eo ambanin’ny faneva izay tsy hainy manavaka ny marina sy ny lainga, dia tezitra noho ny fanatisma tanteraka amin’ny olony na ny fokony, ka tsy hanohana ny fivavahana sy ny fahamarinana, noho izany. miady amin'ny fanatisma tsy misy fahiratan-tsaina sy fahalalana izy raha vonoina amin'izany fanjakana izany dia ho tahaka ireo olona naty talohan'ny finoana Islam. Ary izay nikomy amin’ny vahokan'ny Mpaminany (S.A.W), hamono ny olo-mendrika sy ny ratsy ao aminy, ary tsy miraharaha izay ataony ary tsy matahotra ny sazy amin'ny famonoana ny mpino izy, ary tsy mahatanteraka ny fanekeny tamin’ny ny tsy mpino na ny mpitondra, fa mandika ny fanekeny, dia anisan’ny fahotana lehibe izany, ary izay manao izany dia mendrika ho azy ny fandrahonana mafy izany.

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY

لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC
E-Da'wah Committee